

NY MPISORONABE

## **ALIM-BAVAKA: FIVORIAM-BAVAKA MANDRITRA NY ALINA AO ANATIN'NY PROGRAMA 10 ANDROM-BAVAKA – TSY AN-TERY**

### **Inona no antony ilàna ny "alim-bavaka?"**

Tsy misy fahamasinanana azo ao anatin'ny fiaretan-tory sy ny fivavahana mandritra ny alina na mandritra ny ora vitsivitsy amin'ny alina. Na izany aza anefa, dia ny alina ihany no fotoana tsy mahasahirana na koa tsybmampirotoroto ny olona. Mino izahay mety mihevitra ny tsy hiari-tory mandritra ny alina manontolo ianao, kanefa kosa maniry ny hijanona ela araka izay tratra mandra-pahatsapanao fa voalazanao avokoa ireo zavatra rehetra eritreretinao fa tian'Andriamanitra ny hivavahanao ho amin'izany.

Ny toro-hevitray dia ny hisian'ny olona vitsivitsy mitarika ny fotoana mandritra ny alina. Aoka hisy mandrakariva ny fotoana ahafahana miato kely. Amin'ny maha-mpitarika anao dia azonao atao ny mahafantatra ny fotoana mahamety izany sy hidirana indray amin'ny fotoam-bavaka manaraka. Tsaratsara kokoa raha manokana folo minitra hakana aina kely isaky ny sivifolo minitra. Azonao atao ihany koa ny manelanelana ny fotoam-bavaka amin'ny famakiana andalanteny avy ao amin'ny Soratra Masina. Mety ho tianareo ny hanaraka ireo lohahevitra rehetra naroso, na ny sasantsasany amin'ireo ihany. Izany dia miankina amin'ny fifanaraha ataonareo ao anatin'ilay vondrona izay misy anareo. Aza misalasala manova ny filaharan'ny fandaharam-potoana raha ilaina izany.

Toa izao ny soso-kevitray mikasika ny fizotry ny programa mandritra ny alim-bavaka:

- **Atombohy amin'ny fiderana ny fotoana.** Miderà an'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny hira sy ny vavaka izay asandratrareo.
- **Manokàna fotoana ho an'ny fangatahana famelan-keloka.** Ataovy izay hahazoana antoka fa tsy misy na inona na inona manakana an'Andriamanitra tsy hihaino anareo. Omeo fotoana ny olona mba hiaikeny ny fahotana manokana nataony sy hanaovany fiaiken-keloka faobe. Ampirisiho ihany koa izy ireo mba hiaiky ny fahotana nataony tamin'ny mangingina ary hanao fiaikena ampahibemaso ny fahotana nataony an-karihary. Ao amin'ny Daniela 9:1-19 dia voambara fa i Daniela, izay nanao dia nanao vavaka fanelanelanana sy nifona ampahibemaso ho an'ny vahoakan'Andriamanitra. Ampirisiho ny fiangonana hiaiky ny fahotan'ny fiangonana.
- **Mivavàha ho an'ny filàn'ireo izay manatrika ny fivoriam-bavaka.** Maro ireo olona mijaly na maniry ny mba ho entina am-bavaka, na mahafantatra olona izay tena mila vavaka tokoa. Manaova faribolana, asio sezao eo afovoany, ary asao ireo izay manana antom-bavaka mba handroso tsirairay ary hizara ireo antom-bavany ireo. Avy eo dia ampidiro ao

afovoany izy ireo, ka manendre olona roa na telo mba hivavaka manokana ho azy azy ireo sy hitaky ireo teny fikasan'Andriamanitra. Ho gaga ianareo mahita ny hamaroan'ireo olona mijaly sy mila fitondràna am-bavaka ireo.

- **Zarao roa ny vondrona.** Atokàny amin'ny efitra iray ny vehivavy rehetra ary amin'ny efitra iray hafa kosa ny lehilahy rehetra. Manendre mpitarika vehivavy iray ho an'ny vehivavy ary mpitarika lehilahy iray ho an'ny vondron'ny lehilahy. Matetika dia misy ireo filàna manokana izay tsy azo zaraina na tsy tokony hozaraina amin'ny hafa. Moramora kokoa ny mifampizara eo anivon'ny lehilahy samy lehilahy, na vehivavy samy vehivavy.
- Rehefa vita izany, ka samy avy nandray ny toerany ny tsirairay dia, **mivavaha ho an'ireto antom-bavaka manaraka ireto.** Soso-kevitra avy amin'ny fiangonana maneran-tany izy ireto. Aoka ianareo tsy hihevitra fa tsy maintsy hiotorotoana avokoa ireo antom-bavaka naroso rehetra. Azonareo atao ny mizarazara ho vondrona madinika, ka hifampizara ireo antom-bavaka ireo amin'ny vondrona tsirairay.
- **Mivavaha ho an'ireo olona fito** izay efa nentinao am-bavaka nandritra ny folo andro.
- **Mifidiàna andalanteny iray avy ao amin'ny Baiboly ary mivavàha amin'ny alalan'izany.**
- **Farano amin'ny fiderana sy fisaorana ny fotoam-bavaka.**

Les paramètres requis sont manquants ou erronés.

### Antom-bavaka

- Tompo ô ! Enga anie ny fiangonanay mba hanandratra an'i Kristy, Izy ilay nohomboina tamin'ny hazo fijaliana ary hiverina indray. Aoka mba ho entamavesatra ho anay ireo fanahy very.
- Miangavy anao izahay mba hitahy ny asa fitoriana hatao amin'ity taona ity. Mivavaka manokana izahay ho an'ny Ezaka "Mambra Rehetra Mandray Anjara" any Japana, Zambia, ary Filipina.
- Mivavaka izahay ho an'ny fifohazana ara-panahin'ireo tanora Advantista mitandrina ny andro fahafito izay mianatra eny anivon'ireo sekolim-panjakana sy anjerimanontolo manerana izao tontolo izao. Maniry izahay ny mba hahatonga azy ireo ho

Ambasadaoro mavitrika ho an'i Kristy.

- Tompo ô! Miangavy anao izahay, tahio ny asan'ny "Mission Adventiste" (Mission Globale). Omeo fahendrena ireo mpiasanay amin'ny fandrindrana ny tetikasa "fananganana fiangonana" eto amin'izao tontolo izao sy ny fitadiavam-bola hanohanana ireo mpamaky lay any amin'ireo faritra tsy mbola tafiditry ny hafatry ny filazantsara.
- Tahio ireo mambran'ny fiangonana mahatoky izay manohana ny asanao, na kely na be ny fanomezana omeny. Miangavy Anao izahay, aoka ny Fanahy Masinao hanampy anay hanome amin'ny fo ary handray ireo

- fitahiana rehetra avy amin'ny fitantanana mahatoky.
- Miangavy anao izahay, tahio ny ezaka rehetra ataon'ny Sampana Aumônerie amin'ny fampitaovana ireo "aumôniers" sy mpiasa an-tsitrano izay miasa any amin'ny fonja, ny hopitaly, ny toby miaramila ary ny toerana maro samihafa. Mba hitondra fanantenana sy fanasitranana arapanahy ho an'ireo zanakao adino anie izy ireo.
  - Tahio ny asan'ny ADRA amin'ny fanampiana ireo mahantra sy tsy niangaran'ny vintana.
  - Tompo ô! Atanjaho ny finoanay ary tariho izahay hanokana fotoana misimisy kokoa amin'ny fianarana ny Baiboly sy ny fivavahana. Manampia anay mba hiaramdeha Amino amin'andro tahaka an'i Enoka.
  - Miangavy Anao izahay, atodiho ny fonay hibanjina ireo tombambidin' ny mandrakizay, fa tsy ho variana eto amin'ity tany ity. Arovry amin'ireo hery miasa manginan'izao tontolo izao isan'andro izahay fa manimba ny fiainana ara-panahinay izany.
  - Ray ô! Aoka ny sitraponao no ho tanteraka eo amin'ny fiainanay sy ao amin'ny fiangonanay, fa tsy ny anay. Manampia anay mba hanana fanetren-tena, ho mora ampianarina ary ho vonona hanaraka ny planina efa napetrakao.
  - Miangavy Anao izahay, tariho ny tsirairay avy aminay mba hanombo ny izahonay ary haina araka ny herin'i Jesosy. Tariho ireo tanoranay mba hanokana ny fiainan'izy ireo manontolo ho amin'ny asa fanompoana Anao.

- Tompo ô! Mivavaka Amino izahay ny mba hahatonga ireo mpitarika ny fiangonana haneho ny toetran'i Kristy eo amin'ny teniny sy ny asany. Asehoy anay koa ny fomba hahazoanay manohana ireo mpitarika anay am-bavaka, mampahery azy ireo ary mananteraka asa an-tsitrano.
- Enga anie ny fiangonanao mba hitory am-pahatokiana sy amin'ny fahafenoany ny hafatry ny Anjely Telo voarakitra ao amin'ny Apôkalypsy 14. Omeo fahendrena izahay amin'ny fametrahana ny fahamarinan'i Kristy ho ivon'ireo hafatra ireo.
- Miangavy anao izahay, tahio ireo ezaka rehetra ataonay amin'ny fametrahana ireo "Ivon-toerana manana hery miasa mangina" manerana ireo tanàn-dehibe eto amin'izao tontolo izao. Omeo anay ny maso afaka hahita ireo filàna fototry ny tanàn-dehibe tsirairay. Omeo anay ny fahaiza-mamorona ahazoanay manome fahafaham-po ireny filàna ireny. Asehoy anay ny fomba ahafahanay mitarika am-pitiavana ny hafa ho tia ny Teninao.
- Tompo ô, mangataka Amino izahay ny mba hisian'ny Fifohazana ny Fanavaozana eo amin'ny fiainanay, ao amin'ny ankohonanay, ao amin'ny fiangonanay, ary eo anivon'ny fiaraha-monina misy anay. Izany dia mba hanomboka amin'ny fanovàna ny fonay mba hikorianan'ny fahasoavanao amin'ny hafa amin'ny alalanay.
- Tompo ô! Omeo aingam-panahy ny Advantista manerana izao tontolo izao mba hivavaka mihoatra noho ny tamin'ny lasa.

- Aoka hiara-mientana amin'ny fangatahana ny Ranonorana faran'ny Fanahy Masina izahay. Mangataka Aminao izahay mba hotanterahinao ny teny fikasana ao amin'ny Joela 2, Hosea 6 ary ny Asan'ny Apostoly 2.
- Miangavy Anao izahay, arov y amin'ny fakam-panahy eto amin'izao tontolo izao ireo tanoranao. Atodiho any amin'i Jesosy ny mason'izy ireo ary manampia azy ireo mba hanokantena isan'andro amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fianarana ny Baiboly.
  - Ray ô, miangavy Anao izahay mba hampianatra anay ny fomba fizarana ny Mofon'aina amin'ny hafa. Raha osa izahay, omeo anay ny Herinao. Raha matahotra izahay, omeo anay ny risi-po avy Aminao.
  - Mangataka Aminao izahay hanome anay fifantohana vaovao indray amin'ny fianarana ny Bokin'i Daniela, ny Apôkalipsy, ary ireo faminaniana hafa. Miangavy Anao izahay, omeo finoana matanjaka ny amin'ny hoavy sy fahatakarana mazava ny amin'ilay ady lehibe izay ifanandrianan'i Kristy sy I Satana ny mambran'ny fiangonanao.
  - Tompo ô! Mampianàra anay hianatra ny Teninao ho anay manokana isan'andro. Aoka ny Fanahy Masinao hampirisika mambra maro mba hahatonga azy ireo handray anjara amin'ny "Minoa ny Mpaminaniny", amin'ny alalan'ny famakiana ny Baiboly sy ny Fanahin'ny Faminaniana miaraka amin'ny maha-fiangonana maneran-tany azy.
  - Manampia ny tsirairay avy aminay mba hanome lanja sy hikatsaka ny

fahendrena izay nomena ny fiangonanay tamin'ny alalan'ny bokin'ny Fanahin'ny Faminaniana. Maniry izahay, enga anie ireny toro-hevitra ireny mba hitarika anay lalindalina kokoa ho tia ny Teninao (ny Baiboly).

- Tompo ô! Asehoy anay izay tokony hataonay mba hahazoanay manolo-tena tanteraka ho Anao. Ampio izahay ho tonga iray ao amin'i Kristy. Manampia anay mba hanana firaism-po amin'ny fitoriana amin'ny feo mafy ny Antso avo ho an'izao tontolo izao.
- Tompo ô! Efa nitahy ny fiangonanay tamin'ny nanomezanao fahazavan-tsaina manokana mikasika ireo fahamarinana ara-Baiboly Ianao. Koa manampia anay hizara izany am-panetren-tena sy am-pifaliana amin'ireo manodidina anay.
- Ray ô ! Miangavy Anao izahay mba hitahy ireo ezaka rehetra tanterahan'ireo tarika madinika sy fiangonana an-trano maneran-tany. Mangataka Aminao izahay mba hanao izay hahamaro ny mambra mahatoky, izay hijoro ho vavolobelona ny amin'i Jesosy sy ny toetra tsara ananany amin'ireo mpiray vodirindrina aminay.
- Tompo ô! Ampianaro anay ny fomba ahafahanay mitory mazava tsara ny foto-pinoan'ny fiangonanay, omeo anay ny fahaiza-mamorona ary ny fahaizana mizara ny tena fahamarinana ara-Baiboly. Enga anie ka ny fitiavan'i Jesosy no ho ivon'ny zavatra rehetra izay inoanay.
- Miangavy Anao izahay, manampia ny ankohonanay mba haneho ny fitiavanao ao an-tokantranonay sy

- eo anivon'ny fiaraha-monina misy anay. Mangataka Aminao izahay mba hitondra filaminana ao amin'ny tokantrano, hanasitrana ireo fifandraisana tapaka, hiaro ny marefo amin'ny fanararaotana, ary haneho ny herinao manamasina amin'ireo izay ao anatin'ny toe-javatra toa tsy misy fanantenana.
- Tompo ô! Mangataka Aminao izahay ho an'ireo mpamaky lay an'arivony izay manangana fiangonana any amin'ireo vahoaka mbola tsy nandray ny hafatry ny filazantsara. Maro amin'izy ireny no miasa irery na mandalo zava-tsarotra, koa mangataka fiarovana, fahendrena ary fahombiazana ho azy ireny izahay.
  - Mangataka Aminao izahay hitahy ny ezaka ataon'ireo mpandraharaha Advantista. Omeo azy ireo ny tombontsoa avy any ambony mba hahafahany manao ho mpianatra ireo nahita fianarana sy olo-manga, eny amin'ireo faritry ny tanàn-dehibe maneran-tany.
  - Mangataka fiarovana manokana avy Aminao izahay ho an'ireo mambran'ny fiangonana izay tandondomin-doza ny fahafahana ananan'izy ireo noho ny finoana izay arahiny. Omeo fahendrena sy risi-po izy ireo. Aoka mba hoentanin'ny Fanahy Masina koa izahay mba hahafahanay mijoro ho vavolombelona eo anivon'ny tontolo izay tsy mbola mahafantatra Anao.
  - Enga anie ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany mba samy hahatakatra ny vinan'ny *Mambra Rehetra Mandray Anjara*. Aoka mba handray anjara amin'ny fijoroana ho vavolombelona atao'nny tena manokana, amin'ny

asa fanatrarana ny any ivelany izay atao'nny tarika madinika, na amin'ny asa fitoriana mivantana izahay.

- Miangavy Anao izahay, iraho ny Fanahy Masinao hanomana ny fon'ireo mphihaino sy mpanaraka ny Radio Advantista Maneran-tany, indrindra ireo izay monina eny amin'ny faritry ny tanàn-dehibe maneran-tany. Aoka mba hahatoky eo amin'ny fanohizana ny ezaka ny mambran'ny fiangonana sy hanao ho mpianatra ireo izay mitady Anao.
- Tahio ny fiaraha-miasan'ny fiangonana amin'ireo sampana maro samihafa mpanohana ny asa eo amin'ny ezaka lehibe fanatrarana ny any ivelany. Tahio ireo mpanomponao mba hahay hiara-miasa amim-pitiavana sy hifankatia eo eo am-panaovana izany asanao izany.
- Tompo ô! Miangavy Anao izahay, asehoy anay ny fomba ahafahanay manaparitaka misimisy kokoa ny pejy voasoratra mirakitra ny fahamarinana (sora-pirinty sy elektronika), eny anivon'ny fiaraha-monina misy anay. Enga anie ka hihamaro ireo mpampiely boky evanjelistra, ireo mpianatra mpilatsaka an-tsitrano, ny mpanoratra, ireo manam-pahaizana manokana momba ny asa fampahalam-baovao ary ireo mpanohana ara-bola mba hahafahana mampiely ny teny mirakitra fanantenana sy fiainana.
- Mivavaka Aminao izahay mikasika ny fanapariahana ny tari-dàlana fianarana ny Baiboly sy ireo bokikely samihafa ary ireo boky toy ny "Tena Fahasambarana." Enga anie ireny fitaovana ireny

hamboly ny voan'ny fahamarinana ao am-pon'ny olona ary hitarika azy ireny amin'ny fianarana ny Tenin'Andriamanitra.

- Enga anie ireo mambran'ny fiangonanay, ireo pasitora, ary ireo mpitarika manerana izao tontolo izao mba hivelona amin'ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Manampia ihany koa anay hikatsaka Anao isan'andro amin'ny alalan'ny vavaka manokana ataonay. Ampahatsiahivo anay fotsy mahavita na inona na inona izahay raha misaraka Amina.
- Tompo ô! Ampio izahay mba ho vonona hanaraka Anao amin'ny lafim-piainanay rehetra. Amin'ny fotoana izay ilainay hanaovana ny dingana manaraka ho amin'ny fankatoavana, asehoy anay izay tokony hatao amin'izany. Fenoy ny Herinao ny fiainanay.
- Miangavy Anao izahay, velomy indray ny fanatrehana ny Sekoly Sabata manerana izao tontolo izao. Tariho ireo mambra sy ireo vahiny hanao ny fanandramana manova avy amin'ny tena firahalahiana marina, ny iraka, ny fianarana ny Baiboly ary ny asa fitoriana eo antoerana.
- Miangavy Anao izahay, atanjaho ny asa fanompoana ataon'ny sampana tsirairay ao amin'ny fiangonana amin'ny fanatrarana ny any ivelany, toy ny MIFEM, ny fikambanan-dehilahy, ny SS, ny Asa Fitoriana, ny "Ambassadeurs", ny Mpisantatra, ary ny "Services Communautaires." Asehoy anay ny fomba ahatonga anay ho tananao sy ho tongotrao ho an'ny hafa.
- Tompo ô! Aoka hisy fifohazam-panahy mahery vaika ho an'ny toe-panahy araka Anao toy izay

nisy tamin'ny fiangonana voalohany. Ampio izahay hijoro mandrakariva amin'ny fahamarinana na dia ho hikoro aza ny lanitra.

- Miangavy Anao izahay, tahio ny hijoroana ho vavolombelona ataon'ireo sampana mpampahalala vaovao Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, ao anatin'izany ny tambazotran-tserasera aratsosialy. Manampia anay hanao ny tsara indrindra ho fanatrarana ireo vahoakan'ny taon-jato faha-iraika amby roapolo amin'ny filazantsara mandrakizay.
- Tompo ô! Omeo anay ny fahaizamankasitraka sy ny fitalanjonana amin'ny tontolo izaynoforoninao. Ampio izahay hanaja amimpahatokiana ny fahamarinana momba ny famoronana ary hampianatra ireo tanoranay hahatakatra ny Herinao sy ny fitiavanao ao amin'ny natiora.
- Tompo ô! Mampianara anay hanaraka ny ohatry ny fandavantenana nananan'i Kristy tamin'ny fanomezana fahafaham-po isan'andro ny filàn'ireo vahoaka manodidina anay. Ampitaovy izahay mba ho afaka hanompo amin'ny maha-misionera medikaly, mpirotsaka an-tsitraro eny anivon'ny fiaraha-monina ary ho sakaizan'ireo izay mila fanampiana.
- Asehoy anay ireo filàna mivantana sy ara-panahin'ireo mpitsoamponenana. Enga anie ny anaran'ny fiangonanay ho fantatra noho ny fitiavanay ny olona rehetra na iza na iza ary na avy aiza na avy aiza ny fiaviany.
- Mangataka amin'ny fomba manokana izahay ho an'ireo

- mpitsoam-ponenana avy amin'ireo firenena izay mbola mihidy amin'ny filazantsara. Amin'ny fanomezanay izay ilain'izy ireo sy ny fitaomana azy ireo hahafantatra Anao, dia miangavy Anao mba hanokatra ny varavarana rehetra, mba hahafahan'izy ireny miverina indray any amin'ny firenena niaviany ary hizara ny fitiavanao amin'ny hafa.
- Ray ô! Miangavy Anao izahay, omenao anay ny fahatsapana ny fahamehan'ny asa fitoriana ny filazantsara. Manampia anay mba hiaina isan'andro amin'ny fanantenana fa hiverina tsy ho ela, hamerina ny zava-drehetra amin'ny laoniny i Jesosy.
  - Tompo ô! Mitahia ny asan'ireo mpanabe Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, isan'ambaratonga manerana ity izao tontolo izao ity. Aoka Ianao hampahery ireo mpampianatra, ny ray amandreny, ny mpitarika tanora, ary ireo mpampiantry ny SS, amin'ny fanomanan'izy ireo taranaka tanora ho amin'ny asa fanompoana Anao.
  - Miangavy Anao izahay mba hitahianao ny asan'ny sampana mikarakara manokana ireo olona manana fahasembanana (Special Needs Ministry). Manomeza anay fo antra mba hahazoanay manampy ireo olona manana olana ara-pihainoana sy ara-pahitana ary ireo izay manana fahasembanana ara-batana na ara-tsaina.
  - Mangataka Anao izahay mba hihamaro ireo misionera medikaly izay hanangana fiangonana any amin'ireo vondron'olona 830 any amin'ny Diviziona Afrika Afovoany sy Atsinanana.

- Mangataka Anao izahay mba hihamaro ireo tanora izay hanangana fiangonana any amin'ny vondron'olona miisa 750, manerana ny firenena 13 ao amin'ny Diviziona Eoro-Azia.
- Mangataka Anao izahay mba hihamaro ireo misionera antanàndehibe izay hanangana fiangonana ho an'ny vondron'olona miisa 806 any amin'ireo firenena 38 any amin'ny Diviziona Inter-Europeanina.
- Mangataka Anao izahay mba hihamaro ireo miaramila ao amin'ny tafika izay hanangana fiangonana any amin'ireo vondron'olona miisa 948, manerana ireo firenena 38 ao amin'ny Diviziona Inter-Amerikana.
- Mangataka Anao izahay mba hihamaro ireo maritiora vonona ny hiasa any amin'ireo vondron'olona miisa 746 any amin'ireo firenena 20 any Moyen-Orient sy ny Fivondronamben'ny fiangonana any Afrika Avaratra.
- Mangataka Anao izahay, tahio ny asan'ireo mpandraharaoha advantista mba hahazoan'izy ireo mijoro ho vavolombelona ny amin'ny fitiavan'i Kristy any amin'ireo vondron'olona miisa 691, manerana ny firenena 8 ao amin'ny Diviziona Azia-Pasifika Avaratra.
- Mangataka Anao izahay mba hanomana tanora matihanina mba hanangana fiangonana any amin'ny vondron'olona miisa 789, manerana ny firenena 9 ao amin'ny Diviziona Amerika Avaratra.
- Mangataka Anao izahay mba hanokatra varavarana ho an'ny fanofanana misionera izay

- hanangana fiangonana any amin'ireo vondron'olona miisa 676 any amin'ireo firenena 9 ao amin'ny Diviziona Amerika Atsimo.
- Mivavaka Anao izahay ho an'ireo vondron'olona miisa 541, manerana ny firenena 18, ao amin'ny Diviziona Afrika Atsimo sy Ranomasimbe Indiana.
  - Mivavaka Amino izahay Andriamanitra ô, mba hanomananao mpilatsaka antsitrapo hiasa any amin'ireo vondron'olona miisa 70 any Israely.
  - Mangataka Anao izahay Andriamanitra ô mba hiantsoanao mpampianatra sy mpanabe efa misotro ronono mba hiasa any amin'ny vondron'olona miisa 2.566 any amin'ny firenena 14 ao amin'ny Diviziona Azia Pasifika Atsimo.
  - Mangataka Anao izahay mba hihamaro ny isan'ny mpivavaka hanao vavaka fanelanelanana ho an'ny vondron'olona miisa 2568, manerana ny firenena 4, ao amin'ny Diviziona Azia Atsimo.
  - Mangataka Anao izahay mba hihamaro ny isan'ireo mpivavaka hanao vavaka fanelanelanana ho an'ireo vondron'olona miisa 893 any amin'ireo firenena 25 any amin'ny Diviziona Trans-Europeanina.
  - Mivavaka Amino izahay mba hihamaro ireo mampivelona sy dokotera izay hanangana fiangonana any amin'ireo vondron'olona miisa 1978 any amin'ireo firenena 22 any amin'ny Diviziona Afrika Andrefana.
  - Mivavaka Amino izahay mba hihamaro ny isan'ireo tanora izay hanao ho mpianatra any amin'ny

vondron'olona miisa 1459 any amin'ireo firenena 20 any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo.

- Mangataka fahendrena avy Amino izahay amin'ny fanatrarana ny kolon-tsain'izao tontolo, izay tsy manisy lanjany ny fivavahana amin'ny endriny rehetra. Aoka ny ny Fanahy Masinao handrava ny rindrina izay manodidina ny fon'izy ireo.
- Tompo ô! Aseho anay ny fomba ahafahanay mitory ny filazantsara amin'ireo vondrona silamo. Mangataka izahay ny mba handrenesan'izy ireo ary handraisan'izy ireo ny fahasoavana atolotrao.
- Mangataka Anao izahay ho an'ireo vondron'olona any Azia, izay ahitana ireo Bodista sy Hindoista. Maro amin'izy ireny ny tsy mbola nandre mihitsy ny amin'i Jesôsy. Omeo anay Tompo ô ny fahendrena manokana hahatakaranay izay ilain'izy ireo sy mba hanatrarana ny fony.
- Manampia anay amin'ny asa fanatrarana ireo olona voafatotry ny fivavahana amin'ny fanahy ratsy, ny fanompoan-tsampy, ary ireo izay mpanaraka ny fivavahana mino ny fisian'ny fanahy sy ny hery ao amin'ny natiara rehetra (Animisme). Ampio izahay hahatakatra ny fomba fijerin'izy ireo, ary hitondra azy ireo ho eo amin'Ilay Mpamony ny tenany manokana.
- Tompo ô! Ampahitao fahombiazana izahay amin'ny ezaka fanatrarana ny varavarankely 10/40, faritra eto amin'izao tontolo izao izay tsy ahitana hery miasa mangina kristianina firy. Sokafy ny fo maro

mba handray ny vaovao mahafaly  
mikasika an'i Jesosy. Maniry izahay  
ny mba hahitan'ny olona ny  
fitiavanao eo amin'ny fainanay.